LUTHERAN HOUR MINISTRIES Madagascar

Ako n'ny FEON'NY FILAZANTSARA

Miseho in-telo isan-taona | Laharana faha 14 | Febroary 2014 - May 2014

"Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo." 1Kor 10:12

MATOAN-DAHATSORATRA

" Ka dia tsinontsinona izay mamboly na izay mandena, fa Andriamanitra Izay mampitombo no izy." 1 Kor. 3:7

ANDRIANASOLO Jaona

Miarahaba anao mpamaky hajaina ity gazetim-pifandraisantsika ity indray. Eto am-pamaranana izao taom-piasana 2013-14 izao ny Feon'ny Filazantsara ny volana Mey 2014 izao. Fisaorana feno an'Andriamanitra no voalohanteny, afaka namakivaky iny taona rehetra iny, nohon'ny famindrampony sy ny fiantrany. Misaotra anareo mpiaramiasa rehetra tsy ankanavaka ihany koa, na Fiangonana, na mpiara-miasa an-tsitrapo, manerana an'ity nosintsika ity, tamin'ny fiaraha-miasa izay nanehoanareo fahazotoam-panahy mahafinaritra amin'ny asa fanompoana.

Raha ny kontekstan'io andinin-tSoratra Masina io moa, dia Paoly no 'namboly', ary Apolosy kosa 'nandena'. Milaza mazava ny apostoly Paoly fa tsinontsinona izy sy Apolosy, izay samy mpanompo, manoloana an'Andriamanitra izay 'mampitombo'. Raha ireo ngezalahy amin'ny finoana ireo aza no manambara-tena ho toy izany, eo amin'ny asa fanompoana, asa mba manao ahoana ny fiheverantsika ny tenantsika? Fakam-panahy amin'ny tonon-taona toy izao ny manindrahindra ny zava-bita nandritra ny taona. Mametraka antsika amin'ny toerana tokony ho misy antsika ny Tenin'Andriamanitra eto, dia ny mahatsinontsinona antsika, na manao ahoana na manao ahoana ny vokatra azo, fa Andriamanitra irery ihany no omemboninahitra.■

FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA FIANGONANA/FEON'NY FILAZANTSARA

Fiaraha-miasa vaovao eo amin'ny sahan'ny FLM sy FJKM Synodam-Paritany Antananarivo

Tontosa soa aman-tsara ny 28,29 Novambra 2013 teny amin'ny "Espace Hanitra" Ambohibao ny Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina" faharoa notanterahin'ny FF ho an'ny taom-piasana 2013-2014. Niavaka kely ity Fampiofanana indray mandeha ity satria dia mpiofana miisa 23 avy amin'ny Fiangonana roa tonta (FLM sy FJKM) no nandray anjara tamin'izany: ny Fiangonana FLM Ambohimangakely sy Fiangonana FJKM enina (efatra avy amin'ny SPA Atsinanana ary roa avy amin'ny SPA Atsimo) no nandray anjara tamin'izany. Ireto manaraka ireto ireo Fiangonana mpiara-miasa vaovao amin'ny Feon'ny Filazantsara sy ireo raiamandreny Pastora sy Mpitandrina miandraikitra izany tsirairay avy, izay tonga nanotrona sy nandray anjara tamin'ny Fampiofanana:

- Pastora Randriamaherison Wilson (FLM Ambohimangakely)
- Rtoa Raharimanana Hajarisoa Lalao, Mpitandrina (FJKM Malaho Vaovao)
- Rtoa Ratsimandisa Zo Haritiana, Mpitandrina (FJKM Iharamy
- Àtoa Razakanaivo Jean Pierre, Mpitandrina (FJKM Ambovona Finoana)
- Atoa Ratsimandresy Joseph Andriamparany, Mpitandrina (FJKM Ankadivoribe Famonjena)

Marihina fa Rtoa Vololoharimanantsoa Gisèle, Mpitandrina (FJKM Ambohibato Ankazonorina) sy Atoa Randriamifidy Honoré, Mpitandrina (FJKM Merikanjaka Fitahiana) dia nampitondra fialan-tsiny nohon'ny antony manokana tsy nahafahan'izy ireo nanatrika ny fotoana.

Faly ary nankasitraka ny ezaka asa ataon'ny FF amin'ny fampahombiazana ny asa Fitoriana iandraiketan'ny Fiangonana ireo mpiofana sy raiamandreny Pastora ary Mpitandrina nanatrika izany. Vonona tanteraka ny hanohy fiaraha-miasa izy ireo ary indrindra ny hisian'ny "Volontaires" FF isan-toerana izay afaka handrindra ny asa.■

Nahaliana ny rehetra ny Fampiofanana

Ary dia niara-naka sary ny rehetra

Navitrika amin'ny fanaovana tatitra ny mpiofana

Ho hitanao ato

p. 1 **Fiaraha-miombon'antoka Fiangonana/FF:** *Fiaraha-miasa vaovao eo amin'ny sahan'ny FLM sy FJKM Synodam-Paritany Antananarivo*

p. 2 *Mitohy ny fiaraha-miasa amin'ny Synodam-Paritany Fisakana (SPaFi)*

p. 2 *Natomboka kosa ny fiaraha-miasa amin'ny Synodam-Paritany Horombe (SPH)*

p. 2 **Fihaonan'ny mpiara-miasa an-tsitra-po "FF":** *Taona vaovao, Fanolorantena vaovao*

p. 3 **Programa ho an'ny tanora :** *Am-pifaliana hatrany ny fiarahana mijery horonan-tsarimihetsika*

p. 3 **Fijoroana vavolombelona :** *Tsy maty antoka izay manompo ny Tompo*

p. 3 **Fonja sy fiainam-panahy :** *Tononkalo Fijoroana vavolombelona*

p. 4 **Vatsim-panahy :** *Ny fijoroana*

p. 4 **Fandaharana amin'ny fampielezam-peo :** *Manana anjara lehibe ny Raiamandreny am-panahy*

p. 4 **Hetsika fahampafantarana :** *Nampahafantatra ny sahan'asany teny amin'ny "Grande Braderie" ny FF*

Mitohy ny fiaraha-miasa amin'ny Synodam-Paritany Fisakana (SPaFi)

Raha tsiahivina fohy dia ny volana Aprily 2013 no nanatontosana ny Seminera Fampiofanana voalohany tany amin'ny Fileovana Sahamadio/Synodam-Paritany Fisakana. Araka ny fangatahan'ny raiamandreny Pastora Randrianandrasana Daniel, izay sady Mpitondra Fitandremana Andraimasina no Tonian'ny Tafika Masina Maharitra (TMM) SPaFi, dia notanterahina tany amin'ny Fileovana Fandriana ny 23, 24 Janoary 2014 lasa teo ny Seminera faharoa. Tao amin'ny Sekoly Biblika Ambozontany ao amin'ny Fitandremana Antetezantany no nanatanterahana ny Fampiofanana. Kristiana miisa 35 avy amin'ny Fiangonana 15, ao anatina Fitandremana 7 no nandray anjara tamin'izany. Marihina fa ny 9 tamin' ireo mpiofana dia Katekista. Ankoatry ny Pastora Randrianandrasana Daniel, dia raiamandreny Pastora Mpitondra Fitandremana dimy (5) no tonga nanotrona sy nandray anjara tamin'ny Fampiofanana [Pastora Randimbiharisoa Arsene (Fitandremana Morarano), Pastora Rafenomananjato Johnson (Fitandremana Andoharano), Pastora Andriamisarisoa Maël (Fitandremana Fenoarivo), Pastora Rakotoarisina Bemahafaly (Fitandremana Andranoraikitra), ary Pastora Rakotonirainy Benjamin Mpitondra Fileovana Fandriana sy Pastora Randriamandimbisoa Alfred Filohan'ny Synodam-Paritany Fisakana]. Ny Filohan'ny Synodam-Paritany Fisakana moa no nanokatra sy nanakatona ny Fampiofanana ary nisaotra ny Feon'ny Filazantsara noho ireo ezaka ataony ho fampandroasoana ny asa Fitoriana any an-toerana.

Toy ny mahazatra dia nisy hatrany fanolorana sertifika ireo mpiofana rehetra taorian'ny fampiofanana.■

Mitsikia isika fa haka ny sary fahatsiarovana

Ireo raiamandreny Pastora nanatrika ny Fampiofanana

Maro tamin'ireo mpiofana no nandeha am-bisikileta namonjy ny Fampiofanana

Natomboka kosa ny fiaraha-miasa amin'ny Synodam-Paritany Horombe (SPH)

Ho tohin'ny dinidinika nifanaovan'ny Pastora Zafimanjary José Thierry, Mpitondra Fitandremana Satrokala, Fileovana Ranohira sy ny Feon'ny Filazantsara ny amin'ny hanatanterahana Fampiofanana "Fampitaovana ny olona Masina" any an-toerana dia tontosa soa aman-tsara izany ny 28-29 Febroary 2014 lasa teo. Tao amin'ny Sekoly Loterana ao Ranohira moa no nanaovana izany. Nahatratra 31 ireo mpandray anjara avy amin'ny Fiangonana mpiara-miasa 15, anatina Fitandremana 7 izay nahitana komitim-piangonana, mpiandry, Filohan-tSampana ary Katekista 9. Raiamandreny Pastora 5 no tonga nanatrika sy nandray anjara tamin'ny fampiofanana dia ny Pastora Ravasa Imanoela (Mpitondra Fileovana Ranohira), Pastora Zafimanjary José Thierry (Mptondra Fitandremana Satrokala), Past Genève Philippe (Mpitondra Fitandremana Ilakakabe), Past Tsirinasy Pierre Laroche (Mpitondra Fitandremana Voatsinampy) ary Pastora Rasabotsy Jean Pierre (Raiamandren'ny Toby Masina Famonjena Ranohira). Nisy Pastora roa tsy afaka nanatrika ny fotoana fa dia ny vadiny no nandray anjara mavitrika tamin'ny fampiofanana.

Azo ambara fa iny faritra Atsimon'ny Madagasikara iny dia toerana mbola anjakàn'ny fampiasana ody na moara; hany ka hery lehibe ho an'ireo mpiofana sy ireo raiamandreny ny nahazoana nifampiofana toy izao ho fampandrosoana ny asa fitoriana ny Filazantsara any an-toerana.■

Nahaliana ny fifampiazarana

Ireo raiamandreny Pastora nanotrona sady nandray anjara tamin'ny Fampiofanana

Ilay sary fahatsiarovana

FIHAONAN'NY MPIARA-MIASA AN-TSITRA-PO "FF"

Taona vaovao, Fanolorantena vaovao

Tontosa soa aman-tsara ny Asabotsy 01Febroary 2014 lasa teo ny fihaonan'ny mpiara-miasa an-tsitra-po "Feon'ny Filazantsara" teto amin'ny faritra Antananarivo sy ny manodidina, izay natao teto amin'ny foibe Lot II-V 72 Bel Air Ampandrana Antananarivo 101. Tamin'izany no nifampiarahabàna noho ny taona vaovao teo amin'ireo mpiara-miasa rehetra ka nanaovana tomban'ezaka ny amin'izay asa efa vita sy fijerena ireo asa amin'ny ho avy. Pastora Randriamanantena Simon (Mpitondra Fitandremana Antoto-hazo/Fileovana Ambatovinaky, sady mpiara-miasa akaiky amin'ny FF) moa no nitondra ny Tenin'Andriamanitra ho fampaherezana ny tsirairay, izay nalaina tao amin'ny Jaona 4:1-30. *(tohiny p.4)*

Pastora Randriamanantena Simon nitondra ny vatsim-panahy

PROGRAMA HO AN'NY TANORA

Am-pifaliana hatrany ny fiarahana mijery horonan-tsarimihetsika

Anisan'ny mandray anjara lehibe amin'ny fanabeazana ireo ankizy sahirana tezaina amin'ireny Akany Fanarenana ireny ny FF. Mitondra ny anjara birikiny eo amin'ny lafiny ara-panahy, mba hananan'izy ireo toetra mendrika sy araka ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny hoaviny rahatrizay. Amin'ny alalan'ny fandefasana horonan-tsarimihetsika arahina fifanakalozan-kevitra moa no entina hampitàna amin'izy ireo ny hafatry ny Soratra Masina. Indray mandeha na indroa isambolana no iarahana amin'ireo ankizy beazina eny amin'ny Akany Avoko Ambohidratrimo sy ny Akany Fifampandrosoana Ambodin'Isotry

Feno hafaliana hatrany izy ireo ary raha nanontaniana ny antony dia satria mampianatra azy hanana toetra tsara ary koa fotoana iarahan'ny maro miala voly ny toy izao.

Marihina fa hoan'ny Akany Fifampandrosoana Ambodin'Isotry dia Tale vaovao no mitantana amin'izao fotoana izao.■

Akany Fifampandrosoana Ambodin'Isotry

Akany Avoko Ambohidratrimo

FIJOROANA VAVOLOMBELONA

Tsy maty antoka izay manompo ny Tompo

"Fa aina ho an'ny mahazo azy izy Ary fahasalamana ho an'ny nofony rehetra." (Ohab 4:22)

Andriamatoa RABETSIMIALONA Hajanirina, "Volontaire" FF ankehitriny ao amin'ny FJKM Ikianja Fiderana no nanao fijoroana vavolombelona teo anatrehan'ny Kristiana ny Alahady 9 Febroary 2014 lasa teo. Tamin'izany no nanehoany tamin'ny Fiangonana fa tsy maty antoka izy nanaraka an'i Jesosy ka nanolo-tena an-tsitra-po hiandraikitra ny fandrindràna ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana 'FSMI' atolotry ny Feon'ny Filazantsara. Nampitombo ny fifaliana tao anatiny izany no sady nahitàny vahaolana mandrakariva teo amin'ny fiainany andavanandro na dia nanana olana tamin'ny asa fivelomany aza izy noho ny krizy nisy teto amin'ny firenena. Nisaorany an'Andriamanitra lehibe moa ny nanohanan'ny vadiny azy tamin'izay rehetra nataony. Marihina fa efa nisy mpiara-miasa an-tsitrapo iray teo aloha (Atoa Rivo) nefa noho ny asa fanompoana marobe efa sahaniny dia izy no miantsoroka izany asa izany ankehitriny. Mahatratra 48 ireo mpianatra nahavita ny fianarany ka notolorana "SERTIFIKA". Tamin'io Alahady io dia nanasa ny avy eto amin'ny Feon'ny Filazantsara izy hanentana sy hamporisika ny kristiana hiroso amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra ary hanatrika izany fizaràna SERTIFIKA izany.Rtoa RAZAFIMAHEFA Noromandresy Mpitandrina teo an-toerana moa no nanolotra ny Sertifika.■

Atoa RABETSIMIALONA Hajanirina, "Volontaire" FF ao amin'ny FJKM Ikianja Fiderana

Ny fanolorana sertifika ho an'ny mpianatra

FONJA SY FIAINAM-PANAHY

Tononkalo Fijoroana vavolombelona

Maro amin'ireo mpianatra "Cours Biblique" voafonja eny amin'ny Fonjabe Antanimora no resy lahatra fa ao amin'i Jesosy irery ihany no misy ilay tena fiainana. Anisan'ireny Ndratosoa. S mitondra ny Laharana 1853 izay nanaraka ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI). Ho fijoroany vavolombelona noho ny asa-pamonjena izay iainany nohon'ny Tenin'Andriamanitra dia nanoratra ity Tononkalo ity ho antsika mpamaky izy.

Ho setrin'ny Lesona faharoa izay nataoko *"Mitombo fahalalana tsara an'Andriamanitra "*

Izaho mino

Izaho mino an 'Andriamanitra
Mpahary ny lanitra sy ny tany
Ilay be Fitiavana indrindra
Nahay nanefy sy nandrindra
Izaho, mino an 'i Jesosy
Ho Tompo sy Mpamonjy ahy
Ilay tonga nofo hamafa fahotana
Sy nanoro ny làlana hombàna
Izaho mino ny Fanahy Masina
Tonga nampianatra ahy
Izay nahaizako nahatakatra
Ilay Teny mamy tonga lafatra.
Izaho mino ny Baiboly
Ho fandresena ny devoly
Izay namefy ahy tsy hivena
Sy nahaizako nitory famonjena

Koa..
Manaiky aho hatao batisa
Mba ho isan 'izay voaisa
Hany handova ilay tany vaovao
Izay efa vita nomaninao

Manaiky aho ny hiova fo
Mba ho mpihaino ny Teny sy hankatoa
Koa mifona re ankehitriny
Tamin 'ny ditra vitako fahiny

Manaiky aho ny hanao ny asa
Ka hitori-teny no kinasa
Koa mba tolory ny Fanahinao
Ho jiro hanazava ireo mbola tsy mahalala anao.

Ndratosoa S

Hoentina am-bavaka manokana

- Fisaorana an'Andriamanitra noho ny fahavitan'ny:
  - Faha dimy taonan'ny Club FF Nanisana
  - Grande Braderie de Madagascar
  - Fampiofanana "Volontaires"
- Tafika Masina tontosain'ireo Fiangonana Mpiara-miasa
- "Emission Radio" isan-toerana :
  - Tana/Toamasina/ Antsirabe
  - Fanitarana any amin'ny faritra hafa

Vatsim-panahy

Ny fijoroana

"Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo."
1 Kor 10:12

Tamin'ny namoronan'Andriamanitra ny olombelona, dia nampijoro ny olona izy: nataony ho mpanjaka ny olombelona, hanjaka amin'ny zava-boahary rehetra. Jehovah Andriamanitra mihitsy no nametraka azy amin'izany toerana izany. Noho ny famitahan'ny menarana anefa dia niala tamin'izany toerana izany izy. Lasa nikomy tamin'Andriamanitra. Noho ny tsy fitandremana dia tanteraka ny fahotana. Simba ilay fifandraisana tsara tamin'Ilay Mpamorona azy. Tonga ny fahafatesana. Rehefa tanteraka ny ota dia nahatsiaro ny fitanjahany ny olona, ary dia izy tenany ihany no nanamboatra fitafiana tamin'ny ravinkazo izay ravin'aviavy. Tsy afaka anefa ilay fitanjahana. Andriamanitra mihitsy no nanome fitafiana hoditra ho azy ireo, izay vao voasarona ny henatra. Lavo ny olona noho ny ota. Satana dia tsy nanarina ny olona rehefa lavo izy, fa Andriamanitra mihitsy no nitady ny olona rehefa lavo izy. Toa an'i Adama sy Eva dia nisy fotoana nakan'i Satana fanahy antsika ka lavo, tamin'ny fitondran-tena samy hafa izay tsy nankasitrahan' ny Tompo isika, ary nahatonga antsika nitoetra teo ambany fahatezeran'Andriamanitra. Tsy mankasitraka ota Andriamanitra. Maharikoriko Azy ny ota rehetra, na kely na lehibe satria masina Izy. Lavo isika. Mila miverina amin'Andriamanitra, ka manetry tena eo anatrehany isika, ary hanaiky hotafiany ilay akanjo tsara indrindra, Ilay tena akanjo hoditra tsy mety lo, dia i Jesosy Kristy:"Itafio Jesosy Kristy Tompo" (Rom 13:14). Ny marina, raha manaiky isika dia Izy mihitsy no manafy antsika. "Sambatra ny olona izay voasarona ny fahotany" hoy Davida ao amin'ny Salamo 32:1. Indro Andriamanitra mitady ahy sy ianao. Aiza ianao ? Fa raha manaiky ho raisiny isika dia hajorony indray.

NY TOMPO HAMPAHERY ANAO!

Pastora RANDRIAMANANTENA Simon

FANDAHARANA AMIN'NY FAMPIELEZAM-PEO

Manana anjara lehibe ny Raiamandreny am-panahy

Efa nambara tamin'ny gazety teo aloha ny momba ny fandaharana " Henoy ny feony", mandeha amin'ny onjam-peo na radio, vokarin'ny Sampan'asa Feon'ny Filazantsara. Ny hitoriana ny filazantsara amin'ny tanora no tanjona lehibe ao anatin'izany.

Anisan'ny mampiavaka ny fandaharana ny famakafakana lohahevitra iray izay miova isambolana. Nisy rahateo ny fanadihadiana natao mba hahafantarana izay lohahevitra notontosaina mahaliana ny mpihaino, tamin'ny jolay - septambra 2013. Entina tsikelikely mifanesy araka izany ao anatin'ny fandaharana izy ireny ho fanomezana fahafaham-po ny rehetra, indrindra ny tanora.

Ankoatra izany, ao anatin'ny volana iray, dia mpandray anjara samihafa ihany koa no asaina mitondra ny fiheverany mikasika ilay lohahevitra voaboasana eo. Misokajy efatra mazava tsara izy ireo : tanora zandriny, tanora zokiny, ray amandreny, ary raiamandreny am-panahy (Pastora, Mpitandrina). Ireto sokajy farany ireto no mamarana hatrany ny dinidinika amin'ny famakafakana sy amin'ny fandravonana izay rehetra voaresaka tamin'ireo fandaharana telo nifanesy, na ihany koa

Anisan'ny raiamandreny am-panahy nitondra ny heviny ny Pastora Zoulder David (eo amin'ny ankavia) - Martsa 2014

mitondra famenon-kevitra izay tsy voalaza kanefa tsara ho fantatra. Ny fikendrena ao anatin'izany dia mba ho feno tsara ny hafatra atolotra mba ho sahaza sy tandrify ny mpihaino tsirairay.

Tsiahivina, fa miditra amin'ny fahatelo taonany izao ity fandaharana " Henoy ny Feony" ity ary ankoatra an'Antananarivo dia efa mihaino azy ihany koa amin'izao fotoana izao ny mponina any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana (Toamasina) sy ao Vakinankaratra (Antsirabe).■

Taona vaovao, Fanolorantena vaovao

(Tohin'ny p.2)

Nasongadiny tamin'izany ny asa lehibe izay notanterahin'i Jesosy tao amin'ny tanàna iray tao Samaria tamin'ny alalan'ny fanontaniana sy ny fihaonany tamin'ilay vehivavy Samaritana. "Noho ny fitiavany,dia manao dingana Izy manatona ny olona tsirairay". Teo am-pamaranana, ny Talen'ny Feon'ny Filazantsara dia nisaotra sy nanome hafatra ny rehetra mba samy hazoto sy hiroso hatrany amin'ny asa fanompoana efa nanolorany tena avy ny tsirairay.

Marihina fa nahatratra 56 ireo Mpiara-miasa antsitra-po tonga nanatrika ny fihaonana.■

Nifanakalo traikefa ny Volontaires

HETSIKA FAHAMPAFANTARANA

Nampahafantatra ny sahan'asany teny amin'ny "Grande Braderie" ny FF

Voalohany izao ny sampan'asa Feon'ny Filazantsara no nandray anjara tamin'ny "La Grande braderie de Madagascar" izay azon'ny rehetra novangiana tao amin'ny Stand N°104 teny amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina ny 02 Aprily 2014 - 6 Aprily 2014. Antony lehibe tamin'izao fandraisany anjara izao ny fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Feon'ny Filazantsara, indrindra ireo sehatr'asa izay ahafantarana azy: ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (Cours Biblique par Correspondance), ny fandaharana amin'ny fampielezam-peo "Henoy ny feony", ireo literatiora kristiana, ireo horonan-tsarimihetsika kristiana, ireo programa miaraka amin'ny tanora sy ny programa mandeha amin'ny internet. Mikasika manokana ny "Cours Biblique par Correspondance" dia nisy "tract" nozaraina teny an-toerana nahazoan'ireo izay liana hisoratra anarana hanaraka ny fampianarana. Marihina moa fa ho an'ireo izay nandray ny "tract" teny an-toerana dia azony atao ny mandefa mivantana ny tapakila nofenoina ao amin'ny foibe Feon'ny Filazantsara Lot II-V 72 bis Bel Air Ampandrana Antananarivo na mandefa izany amin'ny alalan'ny Paositra BP 3111.

RLalao - Jaona Martin

Nizaràn'ny 'volontaire' FF «tract» teo am-bavahady ny mpitsidika rehetra ho ao amin'ny «Grande Braderie»

Maro ireo nisoratra anarana ho amin'ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana

Lutheran Hour Ministries - Madagascar
BP 3111 Antananarivo 101 MADAGASCAR
e-mail : lhmmad@orange.mg
Website : www.feonyfilazantsara.org
Tonia : Andrianasolo Jaona
Feon'ny Filazantsara - Voix de l'Evangile
Tel : 22 210 42 - 032 54 635 53/ 033 15 635 53/ 034 20 635 53
Facebook : Feon'ny Filazantsara
Isan'ny natonta : 1000